# Fahasalamaña amy fadimbolaña sy fañabeazan' aizaña




Jardins du Monde

*Jolay 2025*

# Sarin'ny fivaviaña

Ambanin'ny lohateña ao no misy **atin'ny taova mahaviavy**. Maromaro raha mandrafitry izy io, karaha ataony fivaviaña, trañon-janaka, lalañ'atody, ary trañon'atody.





Lavaka mirefy 7 firaka 12 sm eo ny **fivaviaña**. Manomboko amy molo-pivaviaña eo, miaraka amy raha hafa mandrafitry izy ambelany aty firaka amy trañon-janaka añy. Baka aminazy no ahafahan'ny lio miboaka koa fa avy fotoaña, anaovaña firaisaña ara-nofo, ary andalôvan'ny tsaiky koa fa hiteraka.

**Trañon-janaka** ndraiky dia karaha poara navadiky iñy sörany, mipetraka añabon'ny fivaviaña ao. Añatin'ity taova araiky ity no hitombosan'ny tsaiky mandritran'ny vesatra. Manaña anjara asa maventy koa izy amin'ny fandianan'ny liom-potoaña satria izy no fôtotro mampisy zeñy.

Làlaña hely aroe, mipetaka amin'ny trañon-janaka ary mampitohy izy amin'ny trañon'atody no atao hoe **làlañ'atody**. Añatiny ao no mitambatra mañamboatra zaza tsirinaiñy lahy ndreky vavy, zeñy hoe mitraotro añaty ao atody ndraiky « spermatozoïde » na tsirinaiñy lahy.


**Trañon'atody**, mipetaka amy tendron'ny làlañ'atody eo, dia karazaña taova mpamokatra ranon-draha, zeñy hoe mamokatra tsirinaiñy vavy (sêla mpamokatra) ndreky hormona mahaviavy

# Faviam-potoaña



Manomboko amin'ny andra voalohany andianan'ny lio iñy no atao hoe andra voalohany aminazy, na kahiaña amin'ny añaraña hoe « fandianam-potoaña » ary mijanoño amin'ny andra alohan'ny fotoaña mañaraka handëha.
**28 andra eo faharetan'ny fe-potoaña** araiky amin'ny ankapobeny, kanefa mbala azo atao hoe milamiñy fo faharetany ho an'izay manaña fe-potoaña 21 firaka 35 andra


Misy **dingaña 4 maventy** fiodiñan'ny faviam-potoaña : Fotoañan'ny lio, phase folliculaire, fotoaña mahalonaka et phase lutéale



# Mahay tsara ny raha mömba fiodiñan'ny fadimbolaña

## Ino mariñy ma raha zeñy ?

**Fiodiñan'ny fadimbolaña dia fotoaña mañelañelaña andra voalohany andianan'ny lio ndrëky fanombohan'ny fadimbolaña mañaraka**




## Fetran'ny fadimbolaña




**28 andro amin'ny ankapobeny**

## Dingana 4

### Fotoañan'ny lio

Miendaka tsihelihely fôñon'ny trañon-janaka ary manjary lio miboaka ambelany aty (fadimbolaña)




### Phase folliculaire

Manomboko vôñono añatin'ny trañony ao ny tsirinaiñy vavy ary mimpody voamboatra tsihelihely fôñon'ny trañon-janaka

### Fotoaña mahalonaka

Eto no fotoaña iboahan'ny tsirinaiñy vavy hitraotro amy tsirinaiñy lahy ary efa vôñono tanteraka amizeñy izy.


### Phase lutéale


Miomaña amy fandraisaña « embryon » na zaza vao hifôroño ny trañon-janaka (fanombohan'ny fiforöñan'ny tsaiky)

# Ny fadimbolaña

**Tsy fady ary tsy tökotro hampameñatra ny koraña mikasiky fadimbolaña**, ary mendriky hahazo fikarakaraña mifañaraka aminazy aby viavy tsiaraikiaraiky izy koa fa avy fotoaña io.
Tsy mitovy ny fömba hiaiñan'ny viavy fandianan'ny fotoaña io

Andra vitsivitsy **alohan'ny andianany**, efa mety ahitaña fambara, karaha ataony **mangaña loha, marary amy faritrin'ny tratra eo, mivozizitry kibo**, na mety **mangidihidy**. Irô io no atao hoe fambara alohan'ny fadimbolaña na syndrome prémenstruel






**Amy fotoaña andianan'ny fadimbolaña io**, somary mietsiky trañon-janaka mba ahafahany mañaboaka « endomètre » na ilay voaly matify manjary lio .Mety **hamparary amy faritry kibo ambany eo na amy lohateña, tahezaña, ndrëky fe**. Mety hitöndra **hakajoaña** ndrëky **fikorontañan'ny fandevonan-kaniñy** karaha ataony fivalañana fandianan'ny fadimbolaña io.



## TANDREMO

Na dia mahareñy marary matetiky añatin'ny aroe andro amy fotoaña io, mety **manehoko mare ary tsy ahavitaña raha feky** na **lio mandeha be loatra**, tsy tökotro ankamahivañiny aretiñy aby io.
Tsara fo ny **mañatoño tompon'andraikitry ara-pahasalamaña**

## Ny mahatsara fitandremaña fahadiovaña mandritra ny fandianan'ny fotoaña

F**ahasalamaña sy fiainaña milamiñy :** fitandremaña fahadiovaña mandritran'ny fadimbolaña dia mañampy amin'ny fiarövaña irô karazaña loto mitöndra aretiñy ndraiky hidihidy isan-karazany. Tôkotro soloaña ara-potoaña ny serviety mba ho ara-pahasalamaña.

**Ekolojia sy miaro tontolo iainaña :** Mampiasa fitaovaña fampiasa maharitry karaha ataony serviety mety ampody ampiasaiñy, sady miaro fahasalamaña atsika no mampiheñy fako.

## Karazaña fiarövaña afaka ampiasaiñy


Maro be karazaña fitaovaña ampiasaiñy itanàña lio mandritran'ny fotoaña mampandëha izy io sady mañampy amin'ny filaminantsaiñy mandritran'ny fadimbolaña.


| Karazany | Mahatsara izy | Maharatsy izy |
|---|---|---|
| **Ariaña :** serviety, « tampon » | Möra ampiasaiñy | Mandany völa<br>Tsy ekolojoky |
| **Mety sasaña :**<br>serviety<br>lamba, kôpy,<br>silipo | Möra ampiasaiñy<br>Tsy mandany völa<br>Miaro amy tontolo iaiñana<br>Möra indesiñy | |

# Karazaña fiaro fatao ambelany

## Karazaña sadika :

**Mora ampiasaiñy** ny karazaña sadika. Asëfaka **añaty silipo** dia iñy no mitsentsitry lio miboaka.
Misy karazany izy io : misy ny **mety sasaña** ary misy ny tonga dia ariaña





## Silipo voatökana :


Araiky ty dia karazaña silipo efa misy **raha afaka mitsentsitry lio** miaraka aminazy ao. **Mbala afaka ampody ampiasaiñy** fa mila tsihifiñy amy rano **manintsy antsendriky alohan'ny teña hanasa izy**.




# Karazaña fiaro fatao añaty

## « Les tampons » :

Tampon io **fatsôfotro añaty fivaviaña**, mety misy raha fampidiraña izy ndraikindraiky, mitsentsitry lio tôkotro hiboaka añaty ao asany. Antsoritiñy möramöra fo taretry hely mandilatra iñy izy koa fa hañadoso izy. Irô io **tsy afaka ampiasaiñy indroe** ary **tôkotro soloaña isaka 4 na 6 lëra iô.**





## Kôpy :

Karazaña **kôpy hely malemilemy atsôfotro añaty fivaviaña** izy io. Mbala **afaka ampody ampiasaiñy** fa **mila ariaña ara-potoaña fo lio añatiny** sady sasaña tsara



## Ny raha tsara ho hay

Tôkotro **soloaña ara-potoaña irô fiarôvaña jiaby io** indrindra fa ny fiarôvaña ampidiriñy añaty reñy

Fampiasaña tampon na kôpy maharitry loatra dia mety hitëraka ratra na **Choc toxique**, **tsy dia fohita** matetiky izy io fa mety **hampidi-doza** koa sendra voany.
Reto aby fambara hita aminazy : **tazo mahery tampoko, mandoa, mivalaña, mahareñy kajo…**

## Mañatöña tobim-pahasalamaña malaky

Izy koa tsy arakanao hañöva fiarövaña ara-potoaña, tsara izy koa mampiasa fiarövaña fatao ambelany reñy.

# Mba ho fiarovan-teña

**Tombanaña fimpodianany**




1. Alaiña honoño fimpodianan'ny fadimbolaña

2. Isahiñy firy andro mañelañelaña andro voalohany naviany firaka amy andro voalohany impodianany, ahaizaña faharetany

3. Fantariñy ombiaña andro mahalonaka, vanim-potoaña fazahoaña zaza, amin'ny ankapobeny izy io añelañelaña faha-10 firaka faha-17 andro afaran'ny andra voalohany amy fadimbolaña ;




**Mandritra vanim-potoaña io, tena añabo risiky mampavesatra izy koa mañano firaisaña ara-nofo tsy voaaro.**

## Fömba fisorohaña vësatra




**Kapôty**



**Voan'aody**



**IMPLANT**




**Pikira (tsindroño)**



**Fömba natoraly**

# NY KAPOTY



**Dingaña 1 :** Sokafiñy amy tañanà fôñon'ny kapôty io, tsy mila mampiasa nify na hety, ary adoso möramöra añatin'ny fôñony ao.



**Dingaña 2 :** Apëtraka añabon'ny filahiaña efa mitsangaña alohan'ny mañano firaisaña. Tokony ho möra ahodiñy draiky hajotso kapôty io



**Dingaña 3 :** Ahodiñy möramöra mañaraka filahiaña ny kapôty, kay tsy maintsy tsindriaña ely tendrony amin'ny tondron-tàñàna mba hañaboahaña rivotro



**Dingaña 4 :** Atao azo antoko fa taditry tantëraka firaka amy fôtotro filahiaña



**Dingaña 5 :** Izy koa tianao hahazo aiñy tsara izy, mety atao mënaka izy io (lubrifiant) ambelan'ny kapôty eo.



**Dingaña 6 :** Koa fa loso tsirinaiñy lahy, tsoahaña, alohan'ny filahiaña halemy sady tanàña tsara tendron'ny kapôty mba tsy ho very.

## Ny mahatsara izy


**FÖMBA TöKANA** hiarövaña amin'ny aretiñy azo avy amin'ny firaisaña ara-nofo



Miaro amy vesatra tsy niriñy



Tsisy fiantraikany amy fahafahaña miteraka




## Ny maharatsy izy

Mety hatriaka (fa teña mahalaña)




# NY PILIÑA FANABEAZAÑ' AIZAÑA



**Karakôry atao mihina izy ?**

1. Atomboko amin'ny andra voalohany avian'ny fadimbolaña fihinanaña izy
2. Mihina voan'aody araiky

**HOANIÑY ISAN'ANDRA AMY LERA MITOVY**



**Fömba fañabeazañ'aizaña HORMONALY**

Mampijanoño fiboahan'ny atodin'aiñy na tsirin'aiñy vavy (ovulation), miaro amy vësatra

**Izy koa adiña mihina izy, maherin'ny 12 lera afara aty → Tsy miasa eky voan'aody io, kay misy risiky mety hampavësatra**



# MAMPIASA KAPOTY AÑATIN'NY 7 ANDRO FAÑARAKA IO


## NY MAHATSARA IZY

Miaro amy vesatra tsy niriñy

**Mahômby firaka 99% IZY KOA TSY ADIÑA**

Afaka hoaniñy amy **MANGINGIÑY**

Mampiheñy tehoko indesin'ny fadimbolaña



## NY MAHARATSY IZY

**TSY** miaro ammin'ny aretiñy azo avy amy firaisaña ara-nofo

**Mila mampiasa kapôty ho fiarovaña amy zeñy**

Mila hoaniñy isan'andro koa tsy zeñy miheñy heriny, manjary tsy mandaitry

Mety misy voka-dratsiny :

- Mikorontaña fihetseham-pô
- Mampikorontaña hormona
- Trombose veineuse (rare)

# NY IMPLANT

**Ino ma zeñy ?**
Tahon-draha malemilemy hely(kadiriny 3sm eo), apetraka amban'ny hoditry tañàna ao

**Fömba fañabeazañ'aizaña HORMONALY**

**Mandefa hormona mampijanoño andro mahalonaka asany.**

1. Mangataka fotoaña amy mpiasan'ny fahasalamaña
2. Mañapetaka izy amy tàñana
3. Adoso afaka 3 na 5 taoño, ataon'ny mpiasan'ny fahasalamaña

Implant araiky io fo atao, mandaitry añatin'ny **3 firaka 5 taoño** (miankiñy amy karazany)

## MAHATSARA IZY

Miaro amy vesatra tsy niriñy

**Mahômby firaka 99%**

Tsisy hoe adiña

Efa tsisy raha mampiasa loha eky añatin'ny 3 firaka 5 taoño

**METY ADOSO :**
Mimpody afaka miteraka koa fa adoso

**MISITRIKY**

## MAHARATSY IZY

**TSY** miaro ammin'ny aretiñy azo avy amy firaisaña ara-nofo

**Mila mampiasa kapôty ho fiarovaña amy zeñy**


Mety misy voka-dratsiny karaha piliñy fo.

Mety hifindra toeraña (Fa mahalaña mitranga)

# TSINDROÑO NA PIKIRA

## Ino ma zeñy ?

Aody misy progestérone atrebiky amy hozatra izy io, atao amy tàñana na amy vody.



## Fömba fañabeazañ'aizaña

**HORMONALY**

Mampijanoño andro mahalonaka salakady mañöva « la muqueuse utérine »

1. Mangataka fotoaña amy mpiasan'ny fahasalamaña
2. Mitrebiky izy

Tôkotro atao isaka **3 fanjava** pikira io

## MAHATSARA IZY

Miaro amy vesatra tsy niriñy

**Mandaitry firaka 99%**

Tsisy hoe adiña



Mety amy viavy tsy afaka mampiasa ahody misy œstrogène

**AFAKA ASITRIKY**



## MAHARATSY IZY

**TSY** miaro amin'ny aretiñy azo avy amy firaisaña ara-nofo

**Mila mampiasa kapôty ho fiarovaña amy zeñy**

Mety miadaña fimpodianan'ny fahafahaña mavësatra izy koa ajanoño:

**Mety hahampy fanjava maromaro**

Voka-dratsiny :

- angan-doha
- Fiovaovan'ny fietseham-pô
- Manehoko añaty kibo

# Fañabeazañ'aizaña natoraly

| Fömba fañabeazañ'aizaña | Mahatsara izy | Maharatsy izy |
|---|---|---|
| **Tsy mañano** (Tsy mañano firaisaña ara-nofo añatin'ny fotoaña maharitry, ny teña tsara tsy mañano alohan'ny mariazy) | Miaro 100% amin'ny aretiñy azo avy amy firaisaña ndraiky vësatra tsy niriñy | |
| **Mañatsoaka** (Adoson'ny lehilahy añatin'ny fivaviaña ao raha mahalelahy alohan'ny fiboahan'ny tsirinaiñy) | Miaro amy vësatra tsy niriñy | Mety hisy tsirinaiñy añatin'ny ranon-draha miboaka alohan'ny teña tsirinaiñy, na mety tara loatra fañadosoaña filahiaña na tsy voafehy tsara fanaovaña izy |
| **Mañaraka daty** | Miaro amy vësatra tsy niriñy izy koa mandeha ara-potoaña fadimbolaña | Tsy miaro amin'ny aretiñy azo avy amy firaisaña. Izy koa tsy ara-potoaña fandianany mety hampavesatra satria tsy hay andra mahalonaka. |
| **MAMA :** fömba fañabeazañ'aizaña natoraly afaran'ny fitirahaña | Mandaitry firaka 98%, Bôjo<br>Natoraly | Tsy miaro amin'ny aretiñy azo avy amy firaisaña.<br>Izy koa fa mimpody fadimbolaña na mihina sakafo vaovao tsaiky, efa tsy mandaitry eky ity fömba fisorohaña ty. |

# Aretim-biavy na kibo marary mandeha lio



### Fomba fiboakany

Manehoko marë loha ndreky vaniaña jiaby koa fa avy na marikitry hoavy lio. Mety tsy ahavitaña miasa tehoko nazy io.

### Aretiñy sarotro ma tehoko trôko na manehoko kibo koa fa mañaram-panjava?

Tsy tokony ho aretiñy sarotro izikoa salama tsara ndreky madio ‘lay viavy na koa tsy taizan’aretiñy hafa. Mety ho reraka be izy amy fotoaña io kay mahatsiaro voaelingeliñy marë.


Izikoa miôva henjaña be kibo na manjary mafana hoditry ‘lay viavy  tsy maintsy mañatoño hôpitaly.

### Ino mahatônga viavy sasany manehoko kibo izikoa fa avy lio?

Miövaöva arakaraka vataña viavy ny trôko manehoko. Misy irö viavy be « hormone prostaglandine », irö teña azony matetiky.

Misy koa tsaiky mañangy amy fotoaña voalohany avy lio iñy mety azon’ny tehoko trôko satria misy raha miasa mampatanjaka tsara trañon-janaka.


## Fomba fitahana izy




## Fomba fampiasaña izy

Igiahiñy anatin'ny andra araiky ranon'aody jiaby litra araiky (1L). Atomboko amin'ny andra voalohan'ny lio avy iñy.

# Ny perity (perte)



**Ino ma atao hoe tsiranoko fotsy na perity?**

Tsiranoko fotsy miboaka ambelan'ny maha viavy boaka amin'ny mikrôby mitombo añatin'ny fivaviaña.

**Fomba fiboakany**

- Mety ho fotsy be ny tsiranoko miboaka na mety ho manamotamo Somary maÏtsoitso, mamôrovôro na mivongambongana. Mety ho maro be boaka eo mety ho maÏmbo koa.
- Ny viavy misy perity dia mety mahareñy mangidigidy amin'ny fivaviañany na somary mafana hafahafa. Mety mivônto aby koa amin'ny maha viavy izy sady mahareñy manehoko amin'ny faritry ambany amin'ny tahëzaña.

**Aretiñy sarotro ma tsiranoko fotsy na perity ?**

Tsy atahôraña izikoa mandalo fo fiboakany , fa raha öhatra ndreky kay maharitry andra maromaro sady mangidigidy na misy perity maÏmbo na manamotamo maÏtsoitso tsy maintsy mandeha amin'ny hôpitaly. Mety iteraka aretiñy hafa Izikoa tsy voatàha malaky. Mety androbaka tranon-janaka kay manjary tsy miteraka 'lay viavy.

## Antony mahatonga izy


Maro be karazaña mikrôby miveloño amy faritry mihodidiñy maha
viavy. Iô fa pilasindrö voajañahary kay mety hiteky irö koa fa mañano firaisaña amy lelahy. Mety misy antony mampitombo irö mikrôby aby io, indrindra koa tsy misasa tsara ny viavy isaka boaka kabine ndreky boaka nañano firaisaña, satria mivory maro iö irö.
Misy mañangy manaña aretiñy diabety na misy SIDA kay irö sokajin'olo teña marefo, mora iparitahan'ny mikrôby.

## Ino tôkony hatao mba tsy ho hisy perity ?

Izikoa misasa : ny aloha atsendriky sasaña zay vo manasa ny afara.
Tokony sasaña amy rano madio, ary tsy mikaroño koa fa manasa izy.
Savoño natokana hisasaña ampiasaiñy fa tsy savoño mahery.

## Fômba fitahàña perity

Mba ho fitahàña ny perity tsara koa misasa tsy tapaka amin'ny ranon'ny rahamaniry voatokana amy zeñy.
Izikoa fa ela be fisian'ny aretiñy, mihabay ny mahaviavy sady miboaka perity maÏmbo .
motamo maitsoitso dia tsy maintsy magnatogno hôpitaly.




Hoan’ny viavy: sasà amin’ny ranon’aody indroe isan’andra ny maha viavy anteña mandrapaha afaka famantaraña ny aretiñy .



Hoan’ny lelahy: manasà ny maha lelahy anao amy ranon’aody indroe isan’andra koa. Na ny viavy na ny lelahy,tsy maintsy manohy ny fitahàña io 10 andra farafaheliny na dia hita fa manomboko mahay afaka ny fambara aretiñy.

Ny ranon’aody vita amindrö raha maniry aby irö miharo, tsy maintsy igiahiñy miaraka amin’ny fanasaña izy nambara añabo io: Ravin’ny rômba, gavo ndreky kinononono.

# Aretiñy ny lalañ'amany ndreky trañon'amany

## Fomba fiboakany

- Mamanimany matetiky na tehamany lava;
- Mahareñy mafana koa fa mamany;
- Mety manjary malotoloto ny amany na koa menamena misy lio;
- Mety mampisy lafievra

## Antony mahatonga izy

Ny vataña tsy madio indrindra amy faritry mahaviavy, tsy misasa madio tsara izikoa fa avy miboaka kabine karaha hoandrô 'zay misasa boaka afara mandeha aloha dia manjary mitôndra mikrôby boaka amy lava-body mandeha amy taovampamaniaña kay matetiky miteraka aretiñy ny trañon'amany.

- Mety mañamôra ny fisian'ny aretiñy trañon'amany ny fañanaovaña firaisaña ara-nofo matetiky loatra ;
- Ny olo miasa mare amin'ny andra mafana mare iñy kanefa tsy zatra migiaka rano matetiky
- Ny fañanaovaña firaisaña ara-nofo.

## Aretiñy sarotro ma aretin'ny trañon'amany?

Manjary sarotro ny aretiñy ny tragnon'amany koa maharitry ela loatra. Mety robatin'ny mikrôby ny "voa", 'zay teña manaña lanjany amy fitandrövaña fahasalamaña. Mety miparitaka amin'ny lio koa ny mikrôby sady mitombo ka rôso mafana hoditry ny marary. Tôkony mandeha amin'ny hôpitaly malaky izy. Ny viavy mavesatra no teña möra voan'ny aretiñy ny trañon'amany.

## Fomba fitahaña azy

Migiaka rano be (rano tsotra), sady migiaka aody rahamaniry.

## Ino raha tokony hatao mba tsy ho voany

Mila migiaka rano be mba hampamany matetiky mba miboaka mikrôby jiaby.




Izikoa fa midio ny mañangy, tôkony sasaña antsendriky ny maha viavy avy iö vo manasa lava-body. Izikoa fa avy mañano
firaisaña ara-nofo, tsara koa mandeha mamany mba hampiboaka ny mikrôby.

## Fomba fampiasaña izy


- Zaza: migiaka antsasaka vera in-3 isan'andra
- Olobe: migiaka vera araiky in-3 isan'andra

Marihaña fa tsy azo asiaña siramamy na antely aody io.

**Tandrema: Tsy azon'olo mavesatra atao ny migiaka aody sômbotro tsakotsako ndraiky raviny kininy.**


# Ny endometriozy

Ny endometriozy dia **areti-mitaiza, mahavoa viavy araiky añatin'ny folo amy fotoañan'izy tôkotro hitëraka.**



Ny mampiavaka izy dia fitombosan'ny oditry tôkotro hiforoño añatin'ny trañonjaza añy nefa miforoño ambelany aty. Mañaraka raha fataon'ny oditry añatin'ny trañon-jaza izy avy eo : mamokatra lio, ary misy fiovaovan'ny hormona koa. Lio tôkotro hiboaka iñy amizay tsy tafiboaka fa tavela ao satria tsisy làlaña. Izy tsy miboaka iñy amizay mitëraka tehoko ndraiky fivontosaña añatiny añy.

Reto aby fambaranazy : **mandeha lio be koa fa avy fotoaña, ela tapitry salakady marary mare, mandeha lio tsy amy fotoañany, manehoko koa fa mañano firaisaña ara-nofo, marary amy lohateña eo, mahareñy kajo lalandava ary ndraikindraiky fahamombàña.**



# NY VIH

Ny **VIH** dia midika hoe **Virus de l'Immunodéficience Humaine**. Tsimok'aretiñy araiky izay mpahazo irô hery mpiaro vatan'olombeloño, indrindra amy zeñy « lymphocytes CD4 », izay singa ilain'ny vatana miaro izy amin'ny karazaña aretiñy.


Afaka mifindra baka amin'ny alalan'ny fifampikasihaña amin' ny ranorano amy vataña tsimokaretiñy io :


Lio


Tsirinaiñy maha lahy na maha vavy


Rononon-dreny


Kay afaka mifindra baka amy raha reto ny VIH:


**Firaisaña ara-nofo** tsy voaharo


**Fikasihaña tsy kinia amin'ny lio** na fitaovaña **tsy voadio** kanefa ahitaña tsimokaretiñy


Baka amy **reniny mandeha amy zanany** lera mavësatra, na koa fa miteraka na lera mampinono.

## 01 Fotoaña ifindrany voalohany



**Ombiaña :** 1 firaka 4 heriñandra nifindran'ny aretiñy.

**Ny raha miboaka :**
Amy sokajy araiky ty no teña miparitaka malaky ilay tsimokaretiñy, ary **malaky mifindra**, zeñy hoe möra mamindra be ny olo misy izy amy fotoaña ty.
Mamokatra hery fiarovaña ny vataña manomboko eto.

**Soritr'aretiñy :**
Karaha azon'ny Gripa mahery kanefa mety mbola tsy ahitaña soritr'aretiñy



## 02 Fotoaña tsy ahitaña soritr'aretiñy

**Firaka ombiaña :** 5 hatramin'ny 10 taoño tsisy fitahaña natao.

**Ny raha misy :**
Mitohy fo fanafihan'ny tsimokaretiñy io irô rafitry mpiaro vatan'olombeloño, intsaka fa amy lymphocytes CD4 ao. Mety ahitaña hely na tsy ahitaña soritr'aretiñy feky ilay marary eto kanefa afaka mamindra amin'olo hafa.

**Mahay resy fo hery mpiaro vatan'olombeloño io**, izy koa tsisy fitahaña atao.



## 03 Fotoaña efa ahitaña soritr'aretiñy

**Firaka ombiaña :** Koa fa teña resy hery fiarovaña

**Ny raha miboaka :**

**Resy ilay hery fiarovaña**, manomboko miseho amizay irô soritr'aretiñy izay mañambara fa miheñy hery fiarovaña.

**Soritr'aretiñy:**

- Mahay mahia tsy hay antony
- Voan'ny lafievra matetiky
- Fivalañana matetiky...

## 04 Syndrome d'Immunodéficience Acquise: SIDA


**Ombiaña:** amin'ny ankapobeny 7 taoño afaran'ny fifindran'ny aretiñy.

**Ny raha miboaka :**

**Robaka tanteraka ireo singa mpiaro vataña**, kay mankamöra fazahoaña ndraiky fidiran'ny karazaña **aretiñy hafa mpañararaotro** ndraiky irô aretiñy sarotro tahaña.



## Nañino ma mila mañano fitiliaña?



- Mety mitöndra VIH anao fa tsy hainao.
- Mety efa nisy fotoaña niaiñy narikitry olo mitöndra na fitaovaña
- Koa hita aloha aretiñy, azo tahàña malaky, afaka miaiñy ara-dalaña **sady misoroko amy fiparitahany.**

## Fotoaña ino tôkotro mañano fitiliaña ?

Koa nisy firaisaña ara-nofo mampiahiahy

**Tandremo :** tsy mahomby eo no eo fitiliaña, fa misy elañelam-potoaña hiboahany valiny

## Karazaña fitiliaña karakory atao ?

**Mangala lio** amy laboratoara.

**Afaka 6 heriñandra**

**Test d'orientation rapide (TROD) :** Lio hely, alaiñy amy tendron-tàñana


**Afaka 3 fanjava**

Fitiliaña vatan-teña tômpiny

**Afaka 3 fanjava**



## Fitsaboaña



Mbala **tsisy aody** mampajanga izy tanteraka VIH io .




Fa na dia zeñy, **fitahaña misy amy fotoaña ziô ty mahavita mifehy tsimok'aretiñy** io mba hisorohaña fivoarany hanjary SIDA.

Añisan'ny fitahàña ampiasaiñy ny **trithérapie TAR (misakana ny rétrovirus)** izay fitambaran'ny aody telo miaraka, mba hanakanaña fiparitahan'ny tsimok'aretiñy.



**Hoaniñy mandrapahafaty**


Afaka mihina aody **(antibiotiques, antifongiques)** mba hitahàña ndraiky hisorahaña irô aretigny mpañararaotro reñy.



# SIFILISY

Ny sifilisy dia aretiñy azo avy amin’ny firaisaña ara-nofo, baka amy **bakteria** atao hoe **Treponema Pallidum**. Mivoatra tsihelihely eo izy io, ary miövaöva soritr’aretiñy indesiny, ndraikindraiky misy hely ndraikindraiky tsy hita feky. Zeñy aviany izy io somary tsy asian’olo dikany... nefa teña misy vokata ratsy izy koa tsy voataha.

## Mety mifindra baka amy raha reto ny sifilisy



F**iraisaña ara-nofo** tsy voaharo (amy fivaviaña,na amy vody ou na am-bava).



**Fikasihaña mivantaña amin’ny aretiñy** efa hita (bay, raha mibotriky) amy taovam-pananahaña añy, amy vody, vava na hoditry.



Baka amy **reny mifindra amy zaza** añatin’ny fitondraña hivaña.



## 01 Fanombohany : dingana voalohany

**Ombiaña :** 10 à 90 andro afaran'ny nidirany.

**Ino raha miboaka :**

Matetiky misy raha mivôntovônto, karaha bay nefa tsy marary amy taovam-pananahaña , amy vody na amy vava. Ndraindray izy io jangajanga hoazy fa tsy afaka tanteraka fo kay mivoatra mangiñy ao.

## 02 Fivoarany : dingana faharoe

**Ombiaña :** heriñandra na fanjava maromaro afaran'ny bay aby io miala.

**Ny raha miboaka :**


Koa fa avy amy dingana ty, miparitaka mañeraña vataña jiaby bakteria amin'ny alalan'ny lio sy lymphe.

Möra amin'olo marary **mamindra aretiñy** amin'olo amy fotoaña io


**Soritr'aretiñy :**



Miboaka karazaña aretin-koditry



Lafievra sady tsy dia mahazo aiñy tsara




Mivônto tangiky

## 03 Phase de latence :

**Ombiaña :** Fanjava na taoño maromaro tsy ahitaña soritr'aretiñy

**Ny raha miboaka :**

Koa tsy voataha, mety misy fotoaña izy tsisy soritr'aretiñy mazava io, fa mbola mijanoño añatin'ny vataña ao lay bakteria



## 04 Sifilisy : dingana fahatelo

**Ombiaña :** Afaka taoño maromaro tsisy fitahàña.


**Ny raha miboaka :**

Dingana efa tsy dia hita loatra amy fotoaña ziô noho ny fisian'ny fitiliaña.

Fa izy koa tsy voataha, **mety hiteraka olaña be amin'ny taova karaha ery : atidoha, fô, taolaña.**





## Karakôry atao koa hañano fitiliaña ?

- **Mangala lio** amy laboratoara
- Ndraikindraiky, tonga dia lay bay no atao fitiliaña



**Izy koa olo manaña fiainaña ara-pananahaña mavitriky dia tsara izy koa mañano fitiliaña matetiky, intsaka fa zay matetiky miöva olo iarahaña.**

## Karakôry atao koa hitsabo teña ?

- Mandeha mañatoño tobim-pahasalamana marikitry anao, mitsabo teña (CSB)

**Mila ajanoño fanaovaña firaisaña ara-nofo koa fa añatin'ny fotoaña itsaboaña teña, ary mila ambara olo miaraka aminteña.**






*Miankiñy amin'ny fivoaran'ny aretiñy fo no isan'ny fanafody hoaniñy. Fa teña mahomby fitsaboaña io izy koa azo ara-potoaña.


# Solopiso

Solopiso dia aretiñy azo avy amin'ny firaisaña ara-nofo, baka amy bakteria atao hoe **Neisseria gonorrhoeae**.




- "Chaude-pisse"
- Blennorragie

## Solopiso io dia mifindra avy amin'ny :



**Firaisaña ara-nofo** tsy voaharo (amy fivaviaña, na amy vody na am-bava).



**Fikasihaña mivantaña amin'ny aretiñy** na tsisy firaisaña ara-nofo



Mety mifindra boaka amy **reny mandeha amy zanany am-piterahaña.**




## Ino aby soritr' aretiñy ?

**Amy lelahy**

*Hita maso matetiky !*



Mamaivay koa fa mamany



Misy ranon-draha fotsy madity, fotsifotsy mavomavo na tiahitso, miboaka baka amy raha mahalelahy




Manehoko ilay raha mahalelahy na mivônto

**Amy viavy**


*Tsy dia hita maso*



Mamaivay koa fa mamany



Perity tsy dia mahazatra miboaka.
Misy lio mandeha tsy amy fotoañany




Marary amy loha-teña na koa fa misy firaisaña ara-nofo.

**Tsara marihiñy fa mety tsy ahitaña soritr'aretiñy amy viavy**


## Soritr'aretiñy hafa mety hiboaka



Mangidy, misy ranon-draha marary mandeha miboaka amy vody añy.



Manaintaiñy amy tenda ao koa fa mañano firaisaña amin'ny vava



Mamparary maso izy io koa sendra tafikasiky amy maso

## Karakôry atao koa hañano fitiliaña ?



- **Mila mangala santioanany amy raha marary io**
- Fitiliaña amàny

**Tsy maintsy miambiñy farafaheliny heriñandra afaran'ny firaisaña firaisaña mampiahiahy io vao mañano fitiliaña**

## Karakôry atao koa hitsabo teña ?

- Mandeha mañatoño tobim-pahasalamana marikitry anao, mitsabo teña (CSB)


**Mila ajanoño fanaovaña firaisaña ara-nofo koa fa añatin'ny fotoaña itsaboaña teña, ary mila ambara olo miaraka aminteña.**

**INO METY HO VOKA-DRATSY IZY KOA TSY VOATSABO**

Koa tafiditry añaty lio → Mamparary vataña jiaby

**Amy viavy :** aretiñy trañon-janaka, tsy mampiteraka, zaza antsoso-koditry

**Amy lelahy :** Marary voan'ny antody, misy olaña koa fa mamany, tsy mampiteraka.



**Ho fiarovan-teña dia mampiasa kapoty**
**Fañanaovaña fitiliaña matetiky dia midika fa mikarakara fahasalamañanao ndraiky ninolo hafa anao**

**Jardins du Monde** dia fikambanaña frantsay araiky, nioriñy teto Diego Suarez nanomboko tamin'ny taoño 2003. Tanjoño napetrany ny hañatsaraña toe-pahasalamañan'ny mponiñy ‘zay tsy ampy fahafahaña na tsy afaka misitraka fitsaboaña amy dôkotëra, hita amy fañamezaña lanja irö ravin-draha fatao aody ho an’ny fahasalamañan’ny mpiara-beloño.

## Ireto aby irö asa ataon’ny Jardin du Monde :

- Mañampy vahoaka amy fampahafantaraña ndraiky fampiasaña ireö karazaña kakazo maniry fatao aody mba hitsaboaña teña : fañintanaña miaraka fampianaraña vondrom-piarahamoniñy misy an-tanàna ao; famokaraña zana-pandaharaña amy radio, fanamboaraña boky fampianaraña ndraiky karazaña torolàlaña
- Mañampy vahoaka biaka mba hisitraka zisky ëla fömba fitsaboaña teña: famboliaña kakazo, fananganaña tany famboliaña iraisaña ho an’ny fokonolo ndraiky ho an’ny sekoly, fañintanaña ndraiky fanabeazaña ara-tontolo iaiñana, fampiofanaña mömba famboliaña mañaja tontolo iaiñana

- Mañamafy fifandraisaña ëfa misy amin'ny fitsaboaña dôkotera ndraiky fitsaboaña amy fömban-drazaña: fampiofanaña mpiasan'ny fahasalamaña, añatiny zeñy irö amy löpitaly marikitry vahoaka añy, irö mpañentaña ara-pahasalamaña, mpianatra ho mpitsabo mpañampy ; fañampiaña ara-pitaovaña ho an'ny lôpitaly; fañisàña ndraiky fampiofanaña irö mpitsabo mampiasa fömban-drazaña.

Namboarin'ny mpianatra avy amy sampam-pianaraña farmasy, amin'ny Oniversiten'i Bordeaux ao, izay añisan'ny mandray anjara amy tetikasa PharMadagascar boky hely ty

**koa mila fañazaña fañampiny mañantôña tompon'andraikitry ny fahasalamaña marikitry anao**

Avec le soutien de

Madagascar

**Valorisation des plantes médicinales et médecine traditionnelle dans la santé communautaire**


36 cité BTM Scama
Antsiranana

madagascar@jardinsdumonde.org
www.jardinsdumonde.org

+261 32 46 048 43


En collaboration avec

Sensibilisation de Juillet 2025